

# SATA MOMBA NY TANY



## SAVARANONANDO

Tonga eo amin'ny kihon-dàlanan'ny tantaran'ny tany isika, izao tokoa mantsy no fotoana hanapahan'ny zanak'olombelona hevitra amin'izay mety hoaviny. Eto amin'ity tontolo mifampiankina sy mihamarefo ity, dia sady mampiahiahy be ihany ny hoavy, no mahabe fanantenana ihany koa. Mba ahafahana mivoatra, mila miaiky isika fa na dia samy manana ny kolontsainy sy ny fomba fiainany avy ny tsirairay dia iray ihany isika rehetra ary mitambatra ho mpiara-belona iray, mifampizara lahatra nasaina ho amin'ny tendry anankiray. Mila miara-miombon'ezaka isika mba hanangana fiaraha-monina iraisam-pirenena maharitra, miorina amin'ny fanajàna ny zava-boary, ny zon'olombelona, ny fahamarinana amin'ny sehatry ny toe-karena ary ny fikolokoloana ny fandriampahalemana. Manoloana izany tanjona izany, dia tsy maintsy ilaina isika mponin'ny tany, manambara ny fifandraisantsika andraikitra, eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny voary rehetra manan'aina ary koa, eo amin'ireo taranaka hoavy mandimby.

## NY TANY, TOERAM-PONENANA

Ny olombelona dia singa iray ao anatin'ny tontolo iray tsy mitsahatra mivoatra. Ny tany fonenantsika ihany koa dia miaina noho izy itoeran'ireo vondron-java-miaina tsy manam-paharoa. Ny herin'ny natiora dia mahatonga ny fiainantsika ho toa maro zavatra tsy ampoizina sy mampiahiahy, nefa ireo fepetra ilaina eo amin'ny fivoaran'ny aina dia hita eto an-tany daholo. Ny ahafahana mamerina amin'ny laoniny ny firaisam-ben'ny aina sy ny fahatsaram-piainan'ny olombelona dia miankina lehibe tokoa amin'ny fitandroantsika ny tontolo iainana sy ireo rafi-pifandraisan'ny zava-manan'aina amin'ny toerana iainany: - ao ny haren'ny fahasamihafan'ny karazan-java-maniry sy ny biby, - ao ny fahavokaran'ny tany, - ao ny fahadiovan'ny rivotra iainana sy ny rano. Ny tontolo iainana eto amin'ity bolantantsika ity, tafiditra ao anatin'izany ny loharanon-karena manam-petra, dia fanahiana iraisan'ny mponina rehetra eto an-tany. Ny fiarovana ny fahavitrian'ny aina, ny fahasamihafana ary ny fahatsaran'ny tany dia adidy masina ho an'ny rehetra.

## TOE-JAVA-MISY ANKAPOBENY

Ny fomba famokarana sy ny fanjifàna misy amin'izao fotoana izao, dia mitera-pahavoazana eo amin'ny tontolo iainana sy ny faharitran'ireo loharano-karena misy. Vokatr'izany dia mihamarefo ny fiaraha-monina eo amin'ny toerana iray, tsy voatsinjara ara-drariny ny tombontsoan'ny fampandrosoana, ary mitombo hatrany ny elanelana misy eo amin'ny mahantra sy ny manan-karena.

Ny tsy rariny, ny fahantrana, ny tsy fahafantarana sy ny fifandirana mahery vaika dia miparitaka manerana ny tany ary miteraka fahoriana maro hatrany. Ny fidangan'ny isan'ny mponina dia manavesatra ny rafi-pifandraisan'ireo zava-manan'aina amin'ny toeram-ponenany sy eo amin'ny lafiny sosialy. Tandindonin-doza ny fandriampahalemana eran-tany. Loza manambana ny fiainan-java-boary izany fikorosàna izany kanefa azo atao tsara ny misoroka azy.

## FANAMBIN'NY HOAVY

Antsika ny misafidy: hanorina fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena mba hahafahana mikolokolo ny tany sy ny mpiara-belona amintsika sa handray anjara amin'ny fanapotehana ny mombantsika olombelona sy ireo zava-manan'aina hafa rehetra.

Tena ilaina ny fiovam-penitra mahery vaika eo amin'ny soatoavina, ny rafi-piaraha-monina ary amin'ny fomba fiainana. Mila miaiky isika fa rehefa tontosa ireo filàna fototra: ny atao hoe fivoarana eo amin'ny maha-olombelona, dia "tsy ny hananana ny mihoatra" fa ny "ho tsaratsara kokoa". Ananantsika fahaizana sy teknolojia ampy ahazoana manatontosa ny filàntsika rehetra ary mba hampihenana ny fahapotehan'ny tontolo iainana. Ny fipoiran'ny rafi-piaraha-monim-pirenena maneran-tany, dia manome antsika ny sehatra hanorina tontolo demokratika mitsinjo ny maha-olona. Ny lokan'ady avy amin'ny tontolo iainana, toe-karena, politika, sosialy sy ny ara-pinoana dia mifandray akaiky. Noho izany ny fiaraha-mientantsika no hahazoana mikatsaka vahaolana mahomby.

## ADIDY IOMBONAN'NY REHETRA

Mba ahafahantsika manatontosa ireo faniriana ireo, tsy maintsy raiki-tapisaka amintsika ny foto-pisainana fiarahana miandraikitra, na eo amin'ny toerana misy antsika izany, indrindra ihany koa eo amin'ny maha mponin'ny tany antsika. Isika dia samy olompirenena amin'ny firenena nipoirantsika tsirairay avy, sady olompirenen'izao tontolo izao. Koa amin'izany mifampiankina ny toeram-ponenana sy izao tontolo izao.

Isika tsirairay avy dia samy tompon'andraikitra amin'ny fahazoana antoka ny fahatsaram-piainan'ny zanak'olombelona sy ireo endrika isehon'ny manan'aina rehetra misy ankehitriny sy hoavy.

Ny firaisan-kina sy ny firahalahina eo anatrehan'ny manan'aina hafa dia hamafisin'ny fanajana ny mpamorona, ary ny fanetren-tena sy ny fanekena manoloana ny toerana misy antsika olombelona eto anivon'izao tontolo izao.

Tsapa tokoa fa tena laharam-pahamehana ny fananana vina iraisana momba ny soatoavina fototra hanorenana ny fitsipi-pitondran-tena ho an'ny firaisamben'ny fiaraha-monina vao misondrotra. Setrin'izany, ao anaty ny firaisankina, dia hamafisinay etoana ireto foto-kevitra mifampiankina ireto, izay mikatsaka fomba fiainana maharitra ho modely iraisam-pirenena, hitarafana sy hitsarana ny fihetsiky ny tsirairay sy ireo rafitra fitantanana misy, orinasa ara-barotra, andrimpanjakana ary sehatra iraisam-pirenena.

# FOTO-KEVITRA

## I- FANAJANA SY FIAROVANA NY FIRAISAMBEN'NY ZAVA-MANAN'AINA :

### 1. *Fanajana ny tany sy ireo endriky ny zava-manan'aina :*

A- Miaiky fa mifampiankin-doha ny zava-manan'aina rehetra sy ireo endrika isehoan'ny aina, n'inona anton'ny ilain'ny olombelona azy ireo.

B- Miaiky ny maha-izy azy ny tsirairay, sy ny fisian'ny talenta ara-tsaina, ara-java-kanto, ara-moraly sy ara-pinoan'ny tsirairay.

### 2. *Mikolokolo ny firaisamben'ny zava-manan'aina amin'ny fahalalana, amin'ny fangorahampo sy ny fitiavana :*

A- Manaiky fa ny zo hanana, handrindra ary hampiasa ireo harena voajanahary dia mitaky adidy amin'ny fisorohana izay mety ho voka-dratsy mety haterak'izay eo amin'ny tontolo iainana ary mitaky ihany koa ny fitsinjovana ny zon'olombelona.

B- Manamarina fa ny fivelaran'ny fahalalana, ny fahaizana amam-pahalalana ary ny fahefana dia mitaky adidy amin'ny fitsimbinana ny fananana iombonana.

### 3. *Manangana rafi-piaraha-monina demokratika anjakan'ny fahamarinana sy ny fandraisna anjara maharitra ary mikatsaka ny fandriampahalemana :*

A- Mahazo antoka fa ireo fiaraha-monina, amin'ny saranga rehetra, dia mitandro ny zon'olombelona, ny fahafahana fototra ary manome ny tsirairay ny fahafahana hampivelatra tanteraka ny talentany.

B- Mampiroborobo ny fahamarinana ara-tsosialy sy ara-toe-karena eo amin'ny fiaraha-monina amin'ny fanomezana ny tsirairay ny enti-manana ahazoany miantoka ny fivelomany, amin'ny fomba azo antoka, mahomby sy maharitra, ka manaja ny tontolo iainana.

### 4. *Mitahiry ny harena sy ny fahatsaran'ny tany ho an'ny taranaka ankehitriny sy hoavy :*

A- Miaiky fa ny fahafahan'ny taranaka ankehitriny dia voafaritry ny filan'ny taranaka ho avy.

B- Mampita amin'ny taranaka hoavy ny soatoavina, ny fomban-drazana ary ny rafitra izay miteraka fahombiazana maharitra ho an'ny fiaraha-monina sy ho an'ny zava-manan'aina rehetra eto an-tany.

**MBA AHAZOANA MANATANTERAKA IREO FENEKENA EFATRA VOAMBARA IREO,**
**ILAINA NY MANARAKA IRETO FIREHAN-KEVITRA IRETO :**

## II- FANDALANA NY MAHA IZY AZY NY ZAVA-BOARY:

5. ***Miaro sy mamerina amin'ny laoniny ireo rafi-pifandraisana voa-janahary eo amin'ny zava-manan'aina amin'ny tany, indrindra ny haren'ny fahasamihafan'aina ary ny lamin'asa voajanahary izay mihazona ny aina :***

A- Manangana amin'ny sehatra rehetra, paikady sy lalàna amin'ny lafiny fampandrosoana maharitra izay manome vahana ho an'ireo tetik'asa fampandrosoana rehetra, ny fikojakojana ary ny fanarenana ny tontolo iainana.

B- Mamorona sy mitahiry ireo valan-java-boary mitsinjo aina, tafiditra ao anatin'izany ny faritra-dia na ny valan-javaboary sy ny faritra an-dranomasina, mba hiarovana ny rafitra mihazona ny aina eto an-tany, miazona ny fahasamihafan'aina sy mitahiry ny lova voajanaharintsika.

C- Mampiroborobo ireo karazan-java-manan'aina mitady ho lany tamingana.

D- Mampihena sy mandringana ireo zava-manan'aina novaina na nampidirina, ka manimba ny karazan-java-manan'aina tompon-toerana sy ny tontolo iainana ary manakana ny fidiran'ireny zava-manan'aina mpanimba ireny.

E- Mandrindra ny fampiasana ny harena voajanahary azo havaozina toy ny rano, ny tany, ny vokatry ny ala sy ny zava-manan'aina an-dranomasina, amin'ny fampiasana fomba mitsinjo ny taranaka sy manaja ny fifampiankinan'ireo zava-manan'aina rehetra amin'izay toerana misy azy tsirairay avy.

F- Mitantana ny fitrandrahana sy fampiasana ny harena voajanahary tsy azo havaozina toy ny harena an-kibon'ny tany sy ny arin-tany amin'ny fampiasana fomba mampihena ny faharitràny sy tsy miteraka fahasimbana goavana amin'ny tontolo iainana.

6. ***Misoroka izay rehetra mety ho voka-dratsy miantefa amin'ny tontolo ianana ho paikady tsara indrindra mba ahafahana miaro azy sy ny mampihatra fitandremana any amin'ny toerana izay mbola tsy ampy fahalalana :***

A- Maka ireo fepetra rehetra hazoana misoroka ny loza goavana sy tsy misy fanafana mianjady amin'ny tontolo iainana, na dia tsy ampy aza ny fahalalana ara-tsaina na mbola tsy nahitana porofo mazava.

B- Manome lanja ny fanomezana porofo amin'ireo manohana hetsika iray tsy mitondra voka-dratsy lehibe, ary manery ireo tompon'andraikitra ny hizaha tanteraka izay mety ho voka-dratsy eo amin'ny tontolo iainana.

C- Manamarina fa ireo hevitra tapaka dia mandanjalanja ny fiantraikan'izany amin'ny asa aman-draharahan'olombelona, na mety ho maharitra izany, na ankolaka, na amin'ny sehatra iraisam-pirenena manerana ny tany.

D- Manakana ny fandotoan'ny singa rehetra mandrafitra ny tontolo iainana ary tsy mamela ny fiangonan'ireo singa radio-aktifa sy ireo zavatra misy poizina, na izay rehetra zavatra manimba ny fahasalamana.

E- Ary misoroka ireo hetsika miaramila rehetra manimba ny tontolo iainana.

7. ***Mampiasa fomba famokarana, fanjifana ary fampitomboana izay mitsinjo ny fahafaha-mamokatry ny tany, ny zon'olombelona ary ny tombontsoa iombonana :***

A- Mampihena ary mamerina mampiasa ireo fitaovana nampiasaina tamin'ny famokarana sy nojifaina, ary mahazo antoka fa ireo fako tavela dia voalevina ara-boajanahary.

B- Manao hetsika am-piheverana sy mahomby amin'ny fampiasana ireo angovo ary mirona hatrany amin'ny fampiasana ireo angovo azo havaozina toy ny angovo avy amin'ny masoandro sy ny rivotra.

C- Mampiroborobo ny fampandrosoana, ny fampiasana sy ny fanaparitahana ara-drariny ny teknolojia tsy misy fiantraikany ratsy amin'ny tontolo iainana.

D- Mampiditra ao anatin'ny mason-karena ireo lany tamin'ny fijerena ny lafiny tontolo iainana sy sosialy. Ary manome an'ireo mpanjifa ny fahafahana manavaka ireo vokatra manaraka ny fenitry ny fiaraha-monina sy ny tontolo iainana.

E- Mahazo antoka amin'ny fahazoan'ny tsirairay fahasalamana izay manatsara ny fananahana ara-pahasalamana sy tompon'andraikitra.

F- Mampihatra fomba fiainana izay manome lanja ny kalitaon'ny fiainana ary ny fandanjalanjana ara-materialy ny ao anatin'ny tontolo izay miaina amin'ny loharanon-karena efa miha-manify.

8. ***Mampiroborobo ny fahalalana momban'ny fandrindrana ny tontolo iainana maharitra ary mampivoatra ny fifanakalozana malalaka sy ny fampiasana mivelatra izay fahalalana azo:***

A- Manohana ny fiaraha-miasa ara-teknika iraisam-pirenena momba ny fampandrosoana maharitra, ary maneho fiahiana manokana an'ireo firenena an-dàlam-pandrosoana.

B- Mamantatra sy miaro ireo fahalalana nentin-drazana ary ny fahendrena entin'ireo kolontsaina samihafa rehefa mitsinjo ny tontolo iainana sy ny fahatsaram-piainan'olombelona rehetra.

C- Mahazo antoka ny fahafahan'ny rehetra mitrandraka ireo vaovao manan-danja momba ny fahasalaman'olombelona sy ny fiarovana ny tontolo iainana, hatrany amin'ny fahalalana ny momba ny fototra zenetika.

## III- FAHAMARINANA SOSIALY SY ARA-TOEKARENA :

9. ***Ho fongorina ny fahantrana satria adidy ara-moraly, sosialy ary eo amin'ny tontolo iainana:***

A- Manome toky: ny fahazoana rano fisotro madio, rivotra madio, sakafo sahaza, tany tsy voaloto, fonenana manara-penitra sy ara-pahasalamana, amin'ny fanomezana ireo enti-manana ilaina rehetra, na avy eto an-toerana na avy any ivelany.

B- Manamora ny fanabeazana ho an'ny rehetra, sy ireo enti-manana ilainy mba hananany andro lava iainana, ary mametraka paikady hitsinjovana ny vody andro merika sy fiarovana ho an'ireo olona izay tsy afaka manatontosa izany.

C- Mandray ireo voahilikilika, miahy ireo osa, manampy ireo azom-pahoriana ary manome azy ireo ny fahafahana hampivelatra ny talentany ahafahany manatanteraka izay iriny.

***10. Mahazo antoka fa ny asa sy ny rafitra ara-toe-karena misy dia hanome vahana ny fivelaran'ny mahaolona maharitra sy ao anatin'ny fahamarinana :***

A- Mampiroborobo ny fitsinjarana ara-drariny ny harena anatin'ny firenena tsirairay ary eo amin'ny firenena rehetra.

B- Manatsara ireo loharano ara-pahalalana, ara-bola, ara-teknika ary ara-tsosialin'ny firenena an-dàlam-pandrosoana ary manamaivana ireo trosany iraisam-pirenena.

C- Mahazo antoka fa ny orinasa rehetra dia mitsinjo ny fampiasàna maharitra ireo loharanon-karena, ny fiarovana ny tontolo iainana ary mampiasa ireo fenitry ny asa.

D- Mandidy ireo orinasa mivelatra maneran-tany sy ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena mba hametraka mangarahara ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka ary mitana azy ireo ho tompon'andraikitra amin'izay mety ho vokatry ny asa ataony.

***11. Manambara ny fitovian-jon'ny lahy sy vavy ho fepetra ilaina raha te hiroso amin'ny fampandrosoana maharitra ary hahazo antoka ny fahazoan'ny tsirairay amin'ny lalana malalaka amin'ny fampianarana, fitsaboana ary fivelaran'ny toe-karena :***

A- Manome toky ny fanajana ny zon'ny vehivavy sy ny tovovavy ary manatsara ny herisetra amin'izy ireo.

B- Mamporisika ny fandraisan'anjara mavitriky ny vehivavy eo amin'ny lafim-piainana rehetra: ara-toe-karena, ara-politika, ara-tsosialy ary ara-koltoraly. Ka ho mpiara-miombon'antoka eo amin'ny fanapaha-kevitra, fitarihana sy fandraisana ny tombony mivantana.

C- Manamafy orina ny fiainan'ny ankohonana, miantoka ny fandriampahalemana, ny fifankatiavana sy izay mety hofikarakarana ilaina mifanaraka amin'izany.

***12. Miaro ny zon'ny olombelona rehetra tsy misy fanavakavahana, ao anatin'ny tontolo iainana voajanahary, ka mampisongadina ny hasin'ny maha-olona, ny fahasalamana ara-batana ary ny fiadanam-po, ary mitsinjo manokana ny zon'ny tompon-tany sy ny vitsi an'isa :***

A- Manafoana izay rehetra mety ho endrika fanavakavahana, indrindra ny fanavakavahana mifototra amin'ny fiaviana, ny volon-koditra, ny lahy sy ny vavy, ny fironana ara-nofo, ny fivavahana, ny fiteny, ny fiavina ara-poko na ara-tsaranga.

B- Manamafy ny zon'ny olona tompon-tany amin'ny fombam-pivavahany, ny fahalalany, ny taniny sy ny loharanon-kareny ary koa ireo enti-manana hihatritra ny fiainany amin'ny fomba nentim-pahazarana sy maharitra.

C- Manaja sy manohana ny tanora ao amin'ny fiaraha-monintsika amin'ny fanomezana azy ireo andraikitra feno amin'ny fananganana fiaraha-monina maharitra.

D- Miaro ary mamerina amin'ny maha-izy azy ireo toerana miavaka ara-kolotsaina sy ara-pomba fivavahana.

## IV- DEMOKRASIA, FIARAHA-MONINA TSY MISY HERISETRA ARY FANDRIAMPAHALEMANA :

***13. Manamafy ny rafitra ara-demokratika amin'ny lafiny rehetra ary mampiroborobo ny fitantanam-panjakana manantanteraka ny fitsipiky ny fangaraharana sy ny fahamarinana, ary manampy ny rehetra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra, ary ny fahazoana ny fahamarinana:***

A- Manome toky ny tsirairay ny zo handray vaovao mazava sy ara-potoana momban'ny tontolo iainana, amin'ny sehatra rehetra ary ny tetik'asam-pampandrosoana izay mahaliana na mety mahakasika azy ireo.

B- Manohana ny fiaraha-monim-pirenena eo an-toerana, eo anivon'ny faritra na maneran-tany ary manentana ny tsirairay sy ireo vondrona liana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'izany.

C- Miaro ny zon'ny tsirairay amin'ny fahafahany, maneho hevitra, miteny an-kahalalana, mivory am-pilaminana, mivondrona amina fikambanana milaza izay hevitra tsy itovizana.

D- Manatsara ny fahazoan'ny tsirairay alalana amin'ny fikarakarana raharaham-pitsarana ara-panjakana sy mahaleo tena, tafiditra amin'izany ny fanonerana sy ny fanarenana ireo voka-dratsy mianjady amin'ny tontolo iainana sy ny loza dindon'izany.

E- Manafoana ny endrika kolikoly rehetra na amin'ny sehatra ara-panjakana izany na amin'ny sehatra tsy miankina koa.

F- Manamafy ny fiaraha-monina ifotony misy amin'ny fanomezana azy ireo ny enti-manana rehetra hahazoany miaro ny tontolo iainany, ary manankina ny andraikitra momba ny tontolo iainana amin'ireo rafitra izay hita fa tena afaka manatontosa azy an-tsakany sy an-davany.

***14. Mampifandrindra ireo rafi-panabeazana sy rafi-pampianarana ny fahalalana, ny soatoavina ary fahaiza-manao rehetra ilaina amin'ny fomba fiainana maharitra:***

A- Manome antoka rehetra, indrindra ny ankizy sy ny tanora, ny fahafahana mianatra ka manome azy ireo ny fomba ahazoany mandray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana maharitra.

B- Manome vahana ny fandraisan'anjaran'ny zava-kanto, ny fahalalana ny maha-olona sy ny siansa amin'ny fampianarana amin'ny lafiny fampandrosoana maharitra.

C- Manamafy ny anjara asan'ireo haino aman-jery amin'ny fanentanana mikasika ireo lokanadin'ny tontolo iainana sy ara-tsosialy.

D- Miaiky ny maha-zava-dehibe ny fanabeazana ara-moraly sy ara-panahy amin'ny fampandrosoana maharitra.

*15. Fanajana sy fanisiana lanja ny zava-manan'aina rehetra:*

A- Mandrara ny fahasiahana amin'ireo biby tamana an-trano sy ny biby fiompy, ary mampihena ny fampahoriana azy ireo.
B- Miaro ny biby-dia amin'ny fomba fiazàna azy ireo, na fisamborana na fanjonoana izay mety miteraka fihorohoroana tafahoatra, maharitra na tsy amin'ny antony.
C- Fanalavirana araka izay azo atao ny fisamborana na ny fandripahana ireo karazam-biby tsy natao hohazaina.

*16. Manandratra ny kolontsaina mitaky fandeferana, tsy misy herisetra ary manome fandriampahalemana:*

A- Mamporisika sy manohana ny fifankazahoana, ny firaisankina ary ny fiaraha-miasa mifameno eo amin'ny firenena iray amin'ny samy firenena samihafa.
B- Mametraka paikady feno hisorohana ny fifandirana maherisetra ary mampiasa fomba famahàna ny olana amin'ny fiaraha-miasa mba ahafahana mifehy sy mamaha ny olàn'ny tontolo iainana sy ireo tsy fitovian-kevitra rehetra.
C- Manova ny fitondrana miaramila misahana ny fandriampahalemana eto amin'ny firenena, mitondra azy ireo amin'ny toerana fiarovan-tena fa tsy mpila ady, ary manova ny tetik'asa ara-miaramila ho an'ny tetik'asa mitondra fandriampahalemana, indrindra amin'ny fanorenana ny tontolo iainana.
D- Mandringa ireo fitaovam-piadiana nokleary, biolojika sy mampiasa poizina, ary ireo endrika fitaovam-pandringanana rehetra.
E- Mahazo antoka fa ny tontolon'izao tontolo izao ivelan'ny atmosfera, dia ampiasaina amin'ny fanajana ny fandriampahalemana sy ny fiarovana ny tontolo iainana.
F- Miaiky fa ny fandriampahalemana dia fototra iray voaforona avy amin'ny tenanao aloha vao mankany amin'ny hafa, sy ireo kolontsaina maro ary izay endrika isehoan'ny aina eto an-tany sy ny fitambaran'izao tontolo izao.

## NY LALAN'NY HOAVY

Tsy toy ny taloha, fa ny lahatra iraisana, dia làlana izorana mankany amin'ny hoavy, manosika antsika hitady ainga vao. Izany fanovana izany no fifanomezan-toky amin'ireo foto-kevitra momba ny tany.

Ny fanatontosana izany fifanomezan-toky izany dia miankina amin'ny fifaneken'ny tsirairay mba handray an-tànana sy hampiroborobo ny soatoavina sy ireo tanjona tratrarin'ny SATA.

Izany fanekena izany dia mitaky fiovam-po sy fiovam-panahin'ny tsirairay avy. Mitaky ihany koa fomba fiheverana vaovao ny fifampiankinan-dohan'ny rehetra maneran-tany ary ny fandraisana andraikitra iraisam-pirenena. Mila mikaroka sy mampihatra izay fomba rehetra ilaina ao amin'ilay vina-piaraha-monina maharitra eo amin'ny toerana misy eo amin'ny firenena ary eo amin'ny iraisam-pirenena.

Ny fahasamihafantsika ara-kolontsaina dia lova sarobidy ary ny fiaraha-monina rehetra dia samy hahita ny fomba manokana entiny manatanteraka izany vina izany. Ilaina isika mandalina sy manitatra ny fifampiresahana maneran-tany izay nipoiran'ny " SATA MOMBA NY TANY ", satria mbola maro ny tokony hianarantsika mikasika ny fikatsahana miaraka sy maharitra ny fahamarinana sy ny fahendrena.

Eo amin'ny fiainana, mazàna misy fifandroritana amin'ny soatoavina izay heverina ho manan-danja indrindra. Izany dia mety hahatonga ny safidy ho sarotra. Na dia izany aza, mila mitady fomba mahomby isika ahafahana: mandrindra ny tsy fitoviana ho amin'ny fikambanantsika, manazatra ny fahafahana ho amin'ny fanana iombonana, mijery ny tanjona fohy ezaka miaraka amin'ny lavitr'ezaka.

Ny tsirairay, ny fianakaviana, ny fikambanana ary ny fiaraha-monina dia samy manana anjara andraikitra lehibe. Ny zava-kanto, ny siansa, ny fivavahana, ny toeram-panabeazana, ny haino aman-jery, ny tontolo fandraharahana, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ary ny andrimpanjakana rehetra dia samy antsoina daholo mba haneho finiavana hikaroka. Ny fiaraha-miasan'ny fanjakana, ny rafi-piaraha-monina ary ny orinasa dia tena ilaina amin'ny fahaiza-mitantana.

Mba ahafahana manangana fiaraha-monina iraisam-pirenena maharitra : ny firenena maneran-tany dia tokony hanavao ny fanekeny amin'ny fikambanana iraisam-pirenena, manatanteraka ny adidiny voarakitra amin'ny fifanekena iraisam-pirenena misy, ary manohana ny fanatanterahana ny foto-kevitra ao amin'ny SATA MOMBA NY TANY amin'ny alalan'ny fitaovana manan-kery toy ny lalàna eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, izany dia momba ny resaka tontolo iainana sy ny fampandrosoana.

Andao ary ataontsika ho rehareha eo anatrehan'ny TANTARA izao vanim-potoana iainantsika izao, ka ho toy ny fifohazana amin'ny endrika vaovao hanomezam-boninahitra ny aina, ahitana fanapahan-kevitra entitra hanatrarana ny faharetana, hanafainganana ny fahazoana ny fahamarinana sy ny fandriampahalemana ary ny fankalazana ampifaliana ny aina.

--x--x--x--

***Initiateur du projet de traduction et mise en page :***

*- Alex CHATEAUX ( lamaisondaina101@gmail.com )*
*Missionnaire à Madagascar depuis 2003 et membre fondateur de l'association caritative « La Maison d'Aïna »*

***Traduction du Français en Malgache :***

*- Mlle RAHELIARISOA Sarah Danielle ( sarraheliarisoa@yahoo.fr )*
*Détentrice du CAPEN (Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale) ès Sciences Naturelles et professeur*

***Relecture et correction :***

*- RAMAKAVELO Geneviève ( ramakavelogenevieve@yahoo.fr )*
*Professeur à la Faculté des Sciences de l'Université d'Antananarivo, Docteur en science de la Terre et Micropaléontologie, Membre de l''Académie malgache ;*
*- RAMAKAVELO ép. CHATEAUX Hanta (hantaramakavelo@gmail.com )*
*Consultante et formatrice, Dirigeante de la Sté Reference-Consulting, membre fondateur de l'association caritative « La Maison d'Aïna »*

La Maison d'Aïna
Une famille pour la Vie

Œuvre caritative en faveur d'indigents, du développement rural
et de l'environnement à Madagascar –
Association franco-malgache fondée en 2002 /Loi 1901
J.O. du 14/09/2002 n°2731 s/Préf. du Val d'Oise / France

Site Web officiel : www.lamaisondaina.org



' MIARAKA MAMPISY NY TSY MISY '

Le 13 Avril 2011, Antananarivo, MADAGASCAR
Page 01 des SIGNATURES de
**- LA CHARTE DE LA TERRE -**

Mesdames, mesdemoiselles, messieurs,

Nous, fondateurs et membres actifs de l'association caritative « La Maison d'Aïna », oeuvrant dans l'Humanitaire essentiellement à Madagascar :

- après en avoir pris connaissance grâce à monssieur Patice PORCHER (mmporcher@yahoo.es),
- **adhérons** et **signons** « **LA CHARTE DE LA TERRE** » ( www.earthcharterinaction.org ) ,
- l'avons fait traduire en langue malgache, et,
- nous nous engageons à la faire connaître autour de nous tant à Madagascar qu'ailleurs, en utilisant ses outils médiatiques et pédagogiques.

Nous remercions chaleureusement les initiateurs d'une telle Charte, qui prend notamment en compte les générations à venir, coeur de nos actions, et entrons avec conviction au sein de la grande Communauté internationale qui la compose, pour la soutenir et la promouvoir.

Alex CHATEAUX
Fondateur de
« La Maison d'Aïna »

Contacts : Alex CHATEAUX – membre fondateur & responsable de site LMA-Mada
Hanta RAMAKAVELO CHÂTEAUX – membre fondateur et sponsor de LMA
Adresse : B.P. 749 Antananarivo - 101 - MADAGASCAR
Mobile/fixe : **033.02.016.01** (Alex) – **032 05 004 36** ( Hanta )
E-mail : **lamaisondaina101@gmail.com** - compte Facebook : **La-Maison-d'Aïna-Ong**
E-mail France : **lma-France@club-internet.fr** - contact : Mme Isabelle BIZIEN : 01.30.31.91.78
Sites Web : **www.lamaisondaina.org** - **www.i-madagascar.com**







## Pour l'Équipe de La Maison d'Aïna – MADAGASCAR

**Nom et Prénom - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - Année de naissance - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - Activité adresse e-mail - - - - - - - - - - - - - - - Signature**

Contacts : Alex CHATEAUX – membre fondateur & responsable de site LMA-Mada
Hanta RAMAKAVELO CHÂTEAUX – membre fondateur et sponsor de LMA
Adresse : B.P. 749 Antananarivo - 101 - MADAGASCAR
Mobile/fixe : **033.02.016.01** (Alex) – **032 05 004 36** ( Hanta )
E-mail Mada : lamaisondaina101@gmail.com - compte Facebook : **La-Maison-d'Aïna-Ong**
E-mail France : lma-France@club-internet.fr - contact : Mme Isabelle BIZIEN : 01.30.31.91.78
Sites Web : www.lamaisondaina.org - www.i-madagascar.com





Le 13 Avril 2011, Antananarivo, MADAGASCAR
Page 03 des SIGNATURES de
**- LA CHARTE DE LA TERRE -**

' MIARAKA MAMPISY NY TSY MISY '

## Pour l'Équipe de La Maison d'Aïna – FRANCE

**Nom et Prénom - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - Année de naissance - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - - Activité adresse e-mail - - - - - - - - - - - - - - - Signature**


Contacts : Alex CHATEAUX – membre fondateur & responsable de site LMA-Mada
Hanta RAMAKAVELO CHÂTEAUX – membre fondateur et sponsor de LMA
Adresse : B.P. 749 Antananarivo - 101 - MADAGASCAR
Mobile/fixe : 033.02.016.01 (Alex) – 032 05 004 36 ( Hanta )
E-mail Mada : lamaisondaina101@gmail.com - compte Facebook : La-Maison-d'Aïna-Ong
E-mail France : lma-France@club-internet.fr - contact : Mme Isabelle BIZIEN : 01.30.31.91.78
Sites Web : www.lamaisondaina.org - www.i-madagascar.com